



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA FAMPITAM-BAOVAO

Enim-boninahitra i Madagasikara tamin'ny lanonam-pianianan'ny filoha sénégalais Macky Sall

Nanatrika ny fianianan'ny Filoha senegalais Macky SALL, ny Filoha Andry RAJOELINA sy ny vadiny Mialy RAJOELINA ny 02 aprily 2019 tao amin'ny «*Centre des expositions*», ao Diamniadio, 35 km miala ny renivohitr'i Sénégal, ao Dakar. Isan'ny vahiny manan-kaja nandritra io fotoan-dehibe io ny filoham-pirenena malagasy niaraka tamin'ireo filoham-pirenena sy lehiben'ny governemanta afrikana 17 hafa. Nirantirany nanerana ny renivohitr'i Dakar ny sary sy ny teny fiarahabana tongasoana ireo filoham-pirenena ireo, isany izany i Madagasikara. Taorian'ny fametrahana ny rojo (collier) «Grand Maître de l'Ordre National du Lion» no nanaovan'ny filoha senegalais Macky Sall ny kabary voalohany tamin'ny vahoaka sénégalais, amin'ny maha filoha lanim-bahoaka azy fanindroany. Nivoitra nandritry ny kabarin'ny fanamafisany ny fanohizana ny politikany antsoina hoe «PSE PHASE II - Plan Senegal Emergent II». Lohalaharana amin'izany ny fanomezana lanja ny anjaratoeran'ny tanora amin'ny alalan'ny fanomezana asa sy ny fanovana ny rafipampianarana hifantoka amin'ny fampiofanana. Voaresaka ihany koa ny fametrahana politikam-panjakana ho fampivoarana ny vehivavy sy ny ankizy vavy. Hohatsaraina ihany koa ny fiainan'ny mponina amin'ny alalan'ny fananganana trano fonenana amin'ny vidiny mirary. Tanjon'ny fanjakana SALL ny hanangana trano 100.000 isa ao anatin'ny dimy taona. Voaresaka ihany koa ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fampiharany PSE-Vert sy ny fanavaozana ny asampanjakana. Nohamafisin'ny Filoha Macky Sall ny hametraka politika ho fanitarana ny tanana sy fametrahana fampandrosoana maharitra hitondra endrika vaovao ho an'i Sénégal. Nankasitraka ireo tsy nifidy azy ihany koa i Macky Sall ary nanambara fa endriky ny fisian'ny Demokrasia izany. Nifandimby niarahaba azy avokoa ireo filohampirenena 18 nahazo ny fanasana manokana, nanatrika ny lanonana taorian'ny lahateniny. Niroso tamin'ny fisafoana ny andian-tafika ny Filoha sénégalais taorian'izany, teo ambany fitarihan'ny Chef de corps d'armée Cheikh Guèye, lehiben'ny tafika sénégalais. Nisy ny fanasana fiaraha-misakafo nomanin'i Macky Sall sy i Marième Faye Sall ho an'ireo filoham-pirenena sy delegasiona manokana, tao amin'ny Lapam-panjakana tao Dakar. Nahazo fanasana sy nanatrika izany ihany koa ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara Andry Rajoelina mivady.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika  
02-04-2019